




Adidiko izany ny manazava fa lasa diso hatrany ny andraisan’ny olon-tsotra azy. Izany rahateo koa no anisan’ny asa makadiry sahan’ny mpanao gazety : fanabeazana. Andao ary.




Ny *«virus»*, na virosy amin’ny teny malagasy dia karazana mikraoby manokana, mbola kely indray noho ny bakteria fa latsaka ny 0,2 ampaharivon' ny milimetratra ny habeny. Tsy tsy hita maso izy io fa tsy maintsy mampiasa mikraoskopy manokana vao tazana. Ny virosy dia fototry ny aretina maro toy ny gripy, ny poliomielita, ny Sida.





Raha ity Sida ity no resahina dia ny *«Virus de l'immunodéficience humaine»* na VIH no mitondra azy ary ny Sida dia voambolana miala avy amin’ny aretina atao hoe :
*«Syndrome d'immunodéficience acquise»*

. Karazana homamiadan'ny ra na lio izy ity. Raha fintinina dia ny VIH no mitondra ny aretina Sida.

Mararin'ny Sida izany no fiteny fa tsy hoe mararin'ny VIH.

Raha resahintsika amin'izay ireto coronavirus sy covid-19 ity dia mitovy amin'izay ihany ny fanazavana. Coronavirus dia teny latina *«corona»* sy *«virus»* midika *«virus à couronne»* na virosy misy satro-boninahitra raha adika teny malagasy.

Maro karazana sy fianakaviana ireo atao hoe coronavirus ireo.
Fa ny tena nitondra aretina mahafaty dia ireto :





1. **Ny *«Coronavirus du syndrome respiratoire aigu sévère»* na SARS-CoV (indraindray SARS-CoV-1)** .


Io no nitondra ny aretina fahasemporana mifindra aingana atao hoe *«Syndrome respiratoire aigu sévère »* na SRAS. de 2002 à 2004. Tany amin'ny faritan'i Guangdong, any Chine, izy io no nipoitra ny volana novambra 2002. Teo anelanelan'ny 1 novambra 2002 sy ny 31 aogositra 2003, dia nifindra tamina olona miisa 8 096 tamina firenena telopolo teo io Sars-CoV io. 774 ny olona matiny tany Chine, Hong Kong, Taïwan, ary tany Atsimo-Andrefanan'ny Asia.




***syndrome respiratoire du Moyen-Orient (english: Middle East***




naharitra namaky hatramin'ny farany, tompoko.

**Jeannot Ramambazafy**